# 365Tantara 19. Ny famelana sy ny fitiavan'ilay ray



# 19. Ny famelana sy ny fitiavan'ilay ray

Tany Espagne no nitranga ny tantara. Nanana zanaka lahy i Pedro izay sarotra taminy ny fifandraisana. Isan'andro dia fifamaliana miampy fanompana. Manome tsiny ny rainy ho tsy mahazo azy i Paco zanany ary i Pedro kosa dia milaza ny zanany fa maditra.


BAR
NITECLUB

Tsy nahatanty intsony ity farany ka nitsoaka ny trano. Nikorompaka ilay ray ka nitady teny rehetra teny ity zanany maditra. Nihazakazaka tany amin'ny naman'ity zanany rehetra. Ny hariva, mandeha any amin'ireo trano fisotroana izay mety andehanan'ity zanany. Nandeha tany amin'ny trano fanaovan'i Paco mozika miaraka amin'ny namany mihitsy izy. Tsy tany anefa i Paco.



IOP
EL PAIS

Farany, very hevitra, ka tsy nahita izay natao dia nandefa filazana tany amin'ny gazety malaza any Madrid. Hoy ilay filazana: "Mamela anao amin'ny foko rehetra aho ry Paco, fa miverena any an-trano, tiako ia¬nao ary malahelo mafy anao aho. Jereo aho raham-pitso atoandro eo amin'ilay toerana malalaka ano-loan'ny bi-raon'ny gazety. Ny rainao tia anao ary tsy afaka miaina raha tsy misy anao".


EL PAIS

Ny ampitso atoandro, nihazakazaka ity ray nankeny amin'ny biraon'ny gazety. Gaga izy nahita “Paco” 800 niandry azy. Izy rehetra nieritreritra fa ho azy ilay hafatr'ilay ray. Ary niverina nitady fitiavana sy famelana avy amin'ny rainy avokoa ny tsirairay.

Ary ianao?

Fantatrao ve fa miantso anao ny Ray izay any an-danitra:



Miverena ary fa ho avelako ianao hoy Izy amin'ny alalan'ny mpaminanin'ny Testamenta Taloha. Ary ny porofo lehibe ny nanomezany antsika ny Fitiavany sy Famelany dia ny nanomezany ny Zanany lahy Tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana ny fiainana mandrakizay.

Ary ianao, renao ve izany hiaka ataony amin'ny alalan'ny pejy tsirairay ao amin'ny Baiboly? Hitanao ve ny tànany mitsotra any aminao, andro sy alina? Inona no havalinao? Raiso iny tànana iny, henoy iny antso iny ary modia ao an-tranon'ny Ray. Nanomana fety sy fitafiana ho anao Izy, tahaka an'ilay zanaka adala niverina. Tantara ao amin'ny Lioka 15:11-32 io.

Miverena! Miantso anao Izy...